## Ny Valosoa sy hadihady

### Didy avoaboaka fahatany

# Mametra-pialana no mety amin'ny Prefet tsy ho tratra farany eo

Nanomboka ny Alakamisy 19 Oktobra lasa teo, taorian'ny fahitana ny fahombiazan'ny hetsika nataon'ireo vahoaka avy eny Tanjombato nankeny Mahamasina ny Alarobia 18 Oktobra, dia nipoitra tanteraka indray ny tahotry ny eo anivon'ny fitondrana miara-dia sy manohana an'i Andry Rajoelina. Vokatr'izany dia nihazakazaka mihitsy ny prefet-n'Antananarivo, angamba ihany koa noho ny baiko ny lehibeny, ka nilaza fa tsy azo atao intsony ny hetsika an-dalambe ankoatra ny fampielezan-kevitra. « Dia vakiana fotsiny », hoy ny fiteny ankehitriny, izany fihetsika izany. Iaraha-mahalala tsara ary efa mazava ny hevitry ny vahoaka, fa tsy misy manao fampielezan-kevitra miaraka amin'ireo kandidà 11, raha mbola kandidà i Andry Rajoelina, izay mizaka ny zom-pirenena frantsay ; raha mbola maloto ny kianja ilalaovana amin'ny fifidianana ary tena vao mainka miha-maloto hatrany sy tsy azo iainana intsony ankehitriny.

Mahakasika an'ny Prefet-n'Antananarivo ny Jeneraly Angelo Ravelonarivo dia tsy voaaraka ny fanapahan-kevitra noraisiny, satria nitohy ny diabe am-pilaminana nataon'ny kandidà 11 omaly, niainga teny Bel'Air sy Antsakaviro, nitohy teny Ambanidia ary nifarana teny Manakambahiny, ary tsy nisy ny lakrimôzena nipoaka. Izany no midika fa tsy narahan'ireo eo ambany fifehezany antsakany sy andavany ny voalaza fa voarara ny fanaovana hetsika an-dalambe nanomboka afak'omaly. Mahakasika ny fanapahan-kevitr'ity jeneraly ity, tato ho ato tsy vitsy ireo fanapahan-kevitra noraisiny no tsy mandeha amin'izay laoinina intsony. Nisy ny "couvre feu" natao, adiny iray taty aoriana dia najanona izany,… Misy ny milaza hoe:" sao ho tratra farany eo ry Ingahy Prefet," satria izay fanapahan-kevitra noraisiny tato ho ato dia tsy mandeha araka ny tokony ho izy. Ny fametraham-pialana no mety aminy, fa tsy mikiribiby toa an'io hoy ny fanehoan-kevitry ny mpitandro filaminana toa azy, ny olona akaiky azy, ny namana niara-nianatra taminy,…

**Lo avokoa**

Ankoatr'izany, azo ambara tsotra izao fa lo avokoa ireo andrim-panjakana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao : Ny Fitsarana indrindra ny HCC, ny Governemantan'i Ntsay Christian, ny Loholona eny Anosikely, ary efa miha-mipoitra ihany koa izao ny faritra misy lo eny Tsimbazaza. Niaraha-nahita tsara ny fihetsika maneho izany ny Alakamisy teo, ankoatra ny fahafahana-baraka ny Antenimierampirenena misy azy nataony teny amin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena, dia nanemotra ny fihaonana andraisana fanapahan-kevitra fa handeha hanao fampielezan-kevitra, hono, izy ireo. Izany ve no anakaraman'ny vahoaka azy ireo nefa ao anaty fotoam-pivoriany arapotoana tanteraka. Tsy fiatoana (abandon) amin'ny andraikiny ve izany? Araka izany, tokony hisy fanapahana karama na hisy ampahana karama hiàla amin'izay mandeha manao fampielezan-kevitra, fa tsy mamonjy fivorian'ny solombavambahoaka. Efa nanazava ny depiote iray fa tsy ampy handinihina ny tetibolam-panjakana anie raha toa ka vita ny fifidianana vao hanohy hivory. Tsy nivakian'ireo depiote maro an'isa anefa izany na dia miankina tanteraka amin'ny ain'ny firenena aza. Ka moa tsy tokony hisy sazy ve izany? Aza robaina ny vahoaka malagasy mangina tsy miteny, sady ny olona nifidy azy ireo ihany no anaovana izany. Tsy rariny.

Mazava ny hevitry ny prefet-n'Antananarivo sy ireo mpiray tendro aminy: terena hanao fampielezan-kevitra ny kandidà 11 sy ireo vahoaka mafana fo manohana azy ireo. Tsy ho voafandriny amin'izany izy ireo, ary mitohy ny tolona. Tsy azo ekena marindrano raha olona frantsay no hifaninana amin'ny fifidianana filoham-pirenena eto sy hitondra ity firenena ity. Tsy azo ekena marindrano raha mbola maloto ny kianja amin'ny fifidianana izay laroin'ny politika maloton'ireo mpiray petsapetsa amin'Andry Rajoelina. Masina ny Tanindrazana.

*Sôh'son*

**VONDRON'NY KANDIDÀ 11**

# Nihaona maika tamin'ireo Masoivoho vahiny ao amin'ny G7

Nihaona tamin'ireo Masoivoho vahiny ao amin'ny vondron'ny G7 eto Madagasikara teny amin'ny Tour Zital Ankorondrano ny alakamisy hariva teo, ireo vondron'ny kandidà 11. Ireo vondron'ny firenena ao amin'ny G7 dia ahitana ny Vondrona Eoropeana, Etazonia, Alemaina, Frantsa, i Korea, i Suisse, ny OIF na ny fikambarana iraisam-pirenen'ny Frankôfônia aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana. Tsy nisy nipika ny resaka, fa ny kandidà Roland Ratsiraka no nilaza tao aorian'ny fihaonana no nilaza, fa mety tsy hanaiky izay valim-pifidianana eo ny vondrona iraisam-pirenena, raha tsy mandray anjara avokoa ny mpifaninana rehetra. Nilaza koa izy, fa nangataka ny fanemorana ny fifidianana izy ireo. Efa nihemotra herinandro izany fifidianana izany, noho ny antony ara-pahasalaman'ny kandidà Andry Raobelina, nefa mbola mangataka ny hanemorana izany ireo kandidà 11, noho ny mbola tsy mahafeno ny fepetra hatramin'izao ny anatanterahana fifidianana madio, tsy mitanila ary mangaraharaha.

*Isambilo*



*Ireo Masoivoho ao amin'ny G7 eto Madagasikara, sy ireo vondron'ny kandidà 11.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fitondrana miala aina no manao ho herim-pamoretana ny zandary



**Douda:** eny e… Mety ho resy zahay omaly, sempotra ny zaza ts manatsiny, naratra ny olona... fa ny aza adino fotsiny hoe tanindrazanay ity tsy avelanay zanahan'ny frantsay… ary mbola ato aminay ny finoana tsy maitsy mandresy hoan'ny taranakay… Masina loatra ity tanindrazana Malagasy ity.

**Calixte Rabefihavanana:** fitondrana miala aina no manao ho herim-pamoretana ny mpitandro filaminana. Tsy mifidy nandefasana lakrimôzena, fa na sekoly sy tobin-dasantsy dia efa nandefasany baomba mandatsa-dranomaso avokoa.

**Mamany Tinay :** tena efa ts rariny kosa zao an !anafarako taranaka faramandimby mihintsy tsy anao an'itony gendarme tony fa tena ratsy loha tateraka!ny volanay no anakaramana an'itony dia nefa zao no ataony! raha mba ny dahalo moa no atao hazalambo ohatr'izao dia angamba firenena tsara sy milamina i Madagascar. Afarako mihintsy fa maninona ny dahalo no tsy mba fongorina ohatran'izao fa mjaly anie ny vahoaka any ambanivolo any e!

**Harijaona Rakotomalala :** tsy mbola tara raha manafatra. Ny anay efa ozon-drazana mihintsy ny tsy manao "zandary sy polisy" io!

**Mamany Tinay :** marina zany, tena tsy mety fa ananan'olona alahelo.

**Fitiavana Fahamarinana :** mavesa-keloka ny zandary @ ankapobeny, fa tsy izy rehetra, raha samy mpitandro ny filaminana. Noho izy ireo miparitaka any amin'ny Kaomina manerana ny Nosy, hoe mitandro ny filaminana. He ! Hafa ny zandary taloha sy ny ankehitriny. Aty ambanivohitra izany, dia tsy azo ianteherana loatra ny zandary.

**Ravonjisoa Virginie :** zareo mihitsy no mitondra lohana panjanaka eto. Dia ny frantsay iankohofany andro sy alina.

**Sony Kely :** ny zandaro manao ny asany, fa nareo no tokony handinitena ataon'ny olona fitaovana.

**Alex Yasli :** fifidianana ihany, io ao ahitana izay mahay mandresy lahatra ny vahoaka.

**Pata Brice :** ataovy foana lacrymogène. Aza adino anefa ny hoe : ny tody tsy misy fa ny atao no miverina .

**Max Rktn'l Tojo Max :** tsy milay lay fampijaliana, hatramin'ny zanakay any @ CSB 2 tsy manantsiny kely ery ataon'lisany sempotra koa, tena tsy rariny.

## TONONKALO

### Asehoy fa gasy isika

Na hosoran-doko aho na fotsiana,
Ny « gasy » ato anatiko tsy azo ariana.
Na iza maneso sy manambany,
Izaho dia hijanona ho gasy ihany .

Ny hafa ankafizina sy deraina,
Nahoana ny gasy no hafokaina ?
Ireo olon-tsy tia avelao ho any,
Izaho dia hijanona ho gasy ihany .

Na misy ny vola mandifotra olona
Izay hoenti-mamotika itony tolona,
Vazaha ho filoha, tsy azo ekena izany,
Izaho dia hijanona ho gasy ihany.

Ianao re ry gasy nampahantraina,
Meteza amin'izay mba ho tonga saina.
Ny maty eritreritra aleo ho any,
F'aleo isika hijanona ho gasy ihany !

*DADAN'i ZINA (18-10-23)*